Tononkalo Tanindrazana 2016

Fifaninanana nokarakarain'ny

Koloiko sy Hajaiko ny Teniko

Copyright © 2016 **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**

Boky novokarin'ny vondrona **Koloiko sy Hajaiko ny Teniko**.

http://www.koloiko.com/

Tsy azo kitihina na ovana ireo soratra eo ambony eo ireo.

Natonta fanindroany: Septambra 2017.

Fanoroam-pejy

I Ireo Tononkalo Nifaninana 1

1 29 Martsa 3

2 Tiako Loatra Ianao Ry Taniko 5

3 Io Taniko Io 7

4 Ilo Tenako 9

5 Fitiavan-tanindrazana 11

II Vokatra Ofisialy 13

Teny Fampidirana

Hetsika tafiditra ao anatin'ny fankalazana ny andron'ny 29 Martsa 2016 ity fifaninanana tononkalo ity.

Lohahevitra

Fitiavan-tanindrazana

Mpitsara

- Mainty Kely
- Johana Ra
- Benja Ratsimba

Momba Ny Boky

Ao amin'ny fizarana voalohany amin'ity boky ity no ahitantsika ireo tononkalo nifaninana, nalahatra arakaraky ny nidirany tao amin'ny fifaninanana. Ao amin'ny fizarana faharoa kosa no itaterana ny vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana.

Fisaorana

Isaorana eram-po eran-tsaina ireto olona manaraka ireto izay nandray anjara tamin'ny fanantontosana iny fifaninanana iny:

- ireo mpifaninana rehetra tsy ankanavaka,
- Benja Ratsimba sy Johana Ra, noho ny nanampiany ahy hitsara ny fifaninana,
- Philémon Rakoto, sy Saholy Rakoto noho ny nahafoizany fotoana nanome isa ireo tononkalo,
- Ny mpikambana rehetra ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko*.

Misaotra indrindra tompoko!

Antananarivo, Aprily 2016 *Mainty Kely*

Fizarana I

Ireo Tononkalo Nifaninana

Tononkalo 1

29 Martsa

Nosoratan'i Barry Sirjon

Mandavenona, mitatao mandrak'androany,
ny lanitra voamatroky ny fanjanahan-tany,
mbola re hatrany ny akon'ny tomany:
vono moka, haza lambo, lalan-kitan-kisoa,
amboletra, fibodoana, hetraketraka, vahoho ...

Nandriaka ny ra tamin'ilay tolona navaivay
taolana tsy taolana, ny vava main-tsakay,
mangana ny tratra, ny fitombenana feno lay ...
maro ny latsaka aina, be dia be ny lotsika,
niezinezina ny ady tamin-dry tsy mivositra!

Kanefa ren-drey kaky isika mbola voazanaka.
Fahotana! Raha hisy ho vantanin'ny taranaka:
kanosa, goragora, ny "garda" mibanaka.
Aia ny akon'ny latsa-dra ho an'ny fahafahana?
Ino koa paik'ady, hampandroso sy hivoarana?

Malagasy isika, aoka ho faharoa ny ambiny,
tsy tokony ho ambaka na hitana ny rambony,
fongory ny fatritra, ka apoahy ny nanginy.
Fa ananana ny hasina, dia ny raki-tsoa sy riba,
Misandrata ambony mba tsy hisy hanivaiva!

Tononkalo 2

Tiako Loatra Ianao Ry Taniko

Nosoratan'i Hanitra Rakotoarivelo

Tiako loatra ianao ry taniko, tsy amidy tsy atakaloko.
Mahantra hoe ianao ry Nosiko? Tsy te handre izay ny sofiko.
Mijaly hoe ny mponina ao, mahonena mosarena . . . ? Indrisy!
Tsy laviko izany ankehitriny satria izay aloha no zava-misy.

He izato hakantonao, ny harenao tsy voatanisa.
Ny mponina ao anefa osa feno fahantrana sy mijaly ts'hita isa.
Ny vahiny manohy hatrany ny fanjanahana anao, hita izao mibaribary!
Ny mpitondra toa tsy taitra fa variana miady seza, be politika, be kabary!

Ny taninao, ny zanakao . . . amidiny. Ny volanao, ny harenao fihininy,
izy ireo tsy te hahalala anao vahoaka, maty noana tsy afaka mivoatra.
Dia lasa mifamotika an-toerana, mifamingana, ny latsak'aina re tsy ferana.
Toe-tsaina potika sy simba no hita sy iainana, toa mandeha ho azy ny fiainana.

Tsia, tsy hanaiky izany isika fa izaho izay manoratra ary ianao ilay mamaky,
sahia manao ezaka hanova, hitondra soa sy hiaro, ny Nosintsika tsy ho vaky.
Aoka izay ireo tsikera fa ny asa no atao, hampandroso firenena no tolona vaovao.
Dia samy hanantena isika fa ho Nosy Maitso indray i Gasikara mamintsika.
Ka hiara-hiredona ny hoe "Tiako loatra ianao ry taniko, tsy amidy tsy atakaloko."

Tononkalo 3

Io Taniko Io

Nosoratan'i Soamiely Andriamananjara

Io taniko io anie ka tsy taniko,
fa harena navelan'ny Razako,
ho lova soa ho an'ny Taranako.
Tsy taniko io, ... nefa andrianiko.

Ao no ipoiran'ireo vinavina,
nofinofy ary koa fanirian'
ny Taranako mbola mangina.
Tany miadana io, ... manan-jina.

Voarakitra ao koa ny tantaran'
ny kitro tsy maintsy ifaharan'
ny ho avin'ny dimby sy fara.
Tany sambatra io, ... manan-jara.

Ao no miafina ny taolam-balon'
ireo Razako efa navalon'
ny taona nieri-nandalo.
Tany masina io, ... tsy atakalo.

Tsy atakalo na amidy ambongadiny,
na koa zarazaraina antsinjarany,
fa iray tsy mivaky no anaran'
ilay taniko, ilay Gasikara-ko.
Tanin-drazako io, ... tanin-taranako.

Tononkalo 4

Ilo Tenako

Nosoratan'i Botsaiky Vkn

Manonja mierona ato anaty,
ilay fihetsi-po tonta.
Zary mainka misamonta;
mitominjaka tsy tanty!

Inty tamberin'alahelo,
mahatsiaro ny ady mazana.
Ny an-doha no manelo
ho an'ireo tia tanindrazana!

Injao mikobana ambozizy!!!
Fota-mandry efa natory.
Tsy natao ho tena izy,
tsisy dikany akory!

Fa izaho raha mbola GASY,
tsy hanaiky ho lembenana.
I Gasikara no latasy,
ny hasinao no ilevenana!

Raha mbola misy koa ny aiko,
indro ilo hamololona.
Ny "teny-tany" ho lalaiko!
Tsy maintsy ho vita izany tolona ...

Tononkalo 5

Fitiavan-tanindrazana

Nosoratan'i Dafy Noely

Etsy ange ry namako e!

Tsy misy maharatsy ny fahaizana tantara
ahafahana mitsinjo ny dia any aoriana
sy mba ahafantaran'ny zanaka amam-para
ny ezak'ireo zokiny nitondra fahoriana.
Kanefa tena inoako fa ampy ny fitserana
laroina fokofoko noho ny fanjanahan-tany,
fa tsara sady mety raha asiana fiheverana
izay tena hampandroso sy hampivoatra hatrany.

Maninona raha toa ka hajaina ny lalàna
dia atsaraina hatrany ny fiainam-pirenena,
jerena izay mba tena mampandroso ny tanàna
na ara-piaraha-monina na ara-toe-karena?
... Isika toa marisika rehefa hanakiana
kanefa kamokamo raha vao omena andraikitra?
Dia iza no andrandraina hitondra fanampiana,
sa ilay miandry lava dia efa toetra raikitra?

Tsy mety ve raha toa mba miara-misalahy
ny vahoaka entina sy ny fanjakana
fa tsy hangata-dava amin'ireo vazaha
na hanameloka azy ho antom-pahantrana?
Antsika io tany io ka hiandry an'iza ianao?
Ny avy any dilambato sy ny resaka matavy?

Tsy aleo ve atomboka izao anio izao
ny asa fananganana ny fototry ny ho avy?

Na zaza bodo ianao, na efa voky taona
dia tokony hahatsapa fa mpandimby anaran-dray;
tsy maintsy misy andraikitra tandrify anao foana
fa aza mialangalana na mody tsy mahay.
Ny resaka an-jorony na afovoan-kianja,
na tanora ianao na efa fotsy volo,
dia 'ndao soloina soroka miaraka milanja
mba tsy ho maty momoka ny fito amby efapolo.

Ajanony hatreo ilay toetra tia mitazana
fa asa araham-bokatra no ilain'ny tanindrazana.

Fizarana II

Vokatra Ofisialy

Tabilao 5.1: Vokatra ôfisialy tamin'ny fifaninanana tononkalo 29 Martsa 2016

Lah.	Mpanoratra	Tononkalo	Isa
1	Soamiely Andriamananjara	Io Taniko Io	47
2	Hanitra Rakotoarivelo	Tiako Loatra Ianao Ry Taniko	45
3	Dafy Noely	Fitiavan-tanindrazana	44
4	Barry Sirjon	29 Martsa	42
5	Botsaiky Vkn	Ilo Tenako	41

Ny lisitra eo amin'ny Tabilao 5.1 no maneho ny vokatra ôfisialy tamin'ilay fifaninanana.

Momba Ireo Naoty

Ireo isa misoratra eo ambony ireo no fitambaran'ny isa azon'ny mpifaninana, mifanaraka amin'ny fitsipika mifehy ny fifaninanana sy ny fitsarana.

Fomba Nitsarana ny Tsipelina

Nomena isa 10 avy hatrany ny tononkalo tsirairay. Mihena io isa io arakaraky ny isan'ny diso tsipelina ao amin'ilay tononkalo. Izany hoe: raha misy diso tsipelina iray izany dia lasa 9/10 no isa azon'ilay tononkalo, raha diso roa dia 8/10, sns.

Marihina fa tononkalo efa voahitsy no napetraka ato amin'ity boky ity. Raha te hijery ny tononkalo mbola tsy voahitsy ianareo dia tsidiho ny pejin'ny fifaninanana ao amin'ny vondrona *Koloiko sy Hajaiko ny Teniko* (http://www.facebook.com/groups/andrianiko/).

Fanamarihana

- Tsy nasiana fanentanana be ity fifaninanana indray mandeha ity sady tsy nasiana loka koa. Fanahy iniana natao izany mba hahitana hoe iza marina ireo olona izay entanin'ny fitiavana ny teny sy ny kolontsaina malagasy ka vonona foana ny handray anjara amin'ny hetsika toy itony na dia efa mahafantatra aza fa tsy hisy loka omena azy. Koa dia fisaorana lehibe no atolotra azy dimy mianadahy nandray anjara tamin-kitsi-po tokoa.

- Tsy arakaraky ny maha-fifaninanana tsy misy loka azy anefa saria hita tokoa fa samy kanto dia kanto daholo ireo tononkalo ary tena nanahirana ny nitsara azy. Hita fa tena sangan'asa voakaly tsara avokoa ireo natolotra na teo amin'ny firafiny izany, na hakantony, na tsipelina, sns. Koa dia deraina avokoa ireo mpifaninana rehetra. Maromaroa ny toy izao.

Sary 5.1: Soamiely Andriamananjara, nahazo ny loka voalohany

Sary 5.2: Hanitra Rakotoarivelo, nahazo ny loka faharoa

t

Sary 5.3: Dafy Noely, nahazo ny loka fahatelo

- Nisy ihany anefa mari-pahatsiarovana nomena ireo nahazo ny laharana telo voalohany, izay natolotry ny Western Union. Araky ny mahazatra koa dia nomena diplaoma izy ireo ho fahatsiarovan ny nandraisany anjara tamin'ny fifaninanana.

Eo amin'ny sary 5.1, sy 5.2, ary 5.3 no ahitana ny endrik'ireo nahazo ny telo voalohany.

Teny Famaranana

Izay indray ary aloha no vita tamin'ity andiana fifaninanana ity ka dia ataovy toy ny mihinana voankazo an'ala hatrany ka ny mamy atelomy fa ny mangidy aloavy!

Arahabaina manokana i **Soamiely Andriamananjara**, **Hanitra Rakotoarivelo**, ary **Dafy Noely** nahazo ny laharana telo voalohany.

Amin'ny manaraka indray ô!